Fitotongan'ny toekarena (-3,2%) 2

Anaty lavaka mangitsokitsoky ny fahantrana ny firenena

Tononkira
Tsiahy
Nary Arthur 4

NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Filoha Rajoelina 3

Zon'ny vahoaka ny hahalala ny diany any ivelany

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 29 oktobra 2020 Laharana 1086 Vidiny : 400 Ar

Esplanade Analakely 4

Resy Vazahabe, nandresy ireo mpivarotra

Barea sy Elefanta any Barikadimy 4

Ho avy, nahazo fahazoan-dalana ny Ivoiriana

TSY FANDRIAMPAHALEMANA 6

Nisy namaky ny fiangonana Karmela Ambatomaro

Valanaretina covid19 6

Miisa 624 ireo voasazy tratra tsy nanao aro vava sy orona omaly

Maroamalona Ambilobe 7

Misy tanin-drongony hatramin'ny 3 ha

Tsivory Amboasary Atsimo 7

Manga manta no hanin'ireo olona ianjadian'ny kere

Daka kely

Haka Corona virus any Eoropa ve ialahy ry Boaikely a !

Kaominina Ivato 2

Mitohy ny asa fampandrosoana na henjana aza ny vokatry ny covid19

KAOMININA IVATO

Mitohy ny asa fampandrosoana na henjana aza ny vokatry ny covid19

Mitohy ny asa fampandrosoana, sy sosialy ho an'ny mponina, ao amin'ny kaominina Ivato, distrikan'Ambohidratrimo na henjana aza ny vokatry ny valanaretina covid19, hoy ny ben'ny tanànan'ity kaominina ity, Penjy Randrianarisoa. Nahafantarana ity kaominina ity hatramin' izay dia ny fianteherany amin'ny herin'ny tenany aloha, na izny aza misy koa ireo mpiara-miombon'antoka miara-misalahy amin'ny kaominina amin'izay resaka fampandrosoana sy sosialy izay, hoy ihany ny ben'ny tanàna. Ho fanatevenana ny hoenti-manana, nidina ifotony nanara-maso ny permis de construire, na ny fahazoan-dalana ahafahana manorina ny ekipa teknika ao amin'ny kaominina. Isika rehetra izay manorina trano hoy izy ireo, kanefa tsy mbola nahazo permis dia tokony handalo ao amin'ny kaominina maka izany "permis de construire", mba hidirana amin'ny sehatry ny ara-dalàna. Misokatra ho an'ny mponin'Ivato tsy ankanavaka ny sampandraharaha teknika misahana izany. Ankoatra izany, manentana amin'ny fanaovana adidy amin'ny fandoavan-ketra koa ny fiadidiana ny tanàna : "handeha hiaraka-handoa hetra isika, hampandrosona ny tanàna iombonantsika", io no tena filamatra amin'izany hetsika izany.

Ny ben'ny tanànan'Ivato, Penjy Randrianarisoa.

Isambilo

Ceni Vakinankaratra

Nahazo trano vaovao iasana

Nahazo trano vaovao iasana ny CENI, na ny Vaomideram-pirenena misahana ny fifidianana any amin'ny faritra Vakinankaratra. Notokanana tamin' ny fiandohan'ity herinandro ity izany trano vaovao izany. Nitokana izany tany an-toerana ny filohan'ny CENI, Hery Rakotomanana, nambarana nandritra izany fa ity trano tokanantsika ity hoy izy dia natao hiasan'ny mpikambana ao amin'ny CENI, amin'ny faritra sy ny ao amin'ny Distrikan'Antsirabe. Natao izany mba hahafahan'izy ireo miasa amin'ny araka ny tokony ho izy, mba hirindra sy hilamina ny zavatra izay atao. Ny hafatra hoy izy dia mba ho tsara karakara sy ho tsara tantana ny trano, satria ny tsy mahakarakara dia mitovy amin' ny tsy manana. Ny CENI araka ny nolazainy dia miezaka ho mangarahara hatrany, na dia vidiana lafo aza izany fangaraharana izany indraindray. Ny CENI dia miezaka ho mahaleotena hatrany eo amin'ny fitantanana sy ny fandraisana fanapahankevitra. Indrindra indrindra, ny CENI dia manaja hatrany ny lalàna manankery sy ny lalàm-panorenana eo amin'ny zavatra rehetra izay ataony. Henonay daholo ny fanakianana rehetra, miezaka ny manitsy izay tokony hahitsy izahay ary manazava izay tokony ho hazavaina, hoy ihany ny filohan'ny CENI.

Trano vaovaon'ny CENI any amin'ny faritra Vakinankaratra.

Raha ny fanirian'ny maro raha ny mahakasika ity rafitra mitantana sy mikarakara fifidianana ity dia efa tokony ho ravana, fa tsy nahomby hatrany ny fifidianana faramparany nokarakarainy teto amintsika, nanomboka tamin'ny fifidianana filohampirenena, ny fifidianana depiote ary tsy nahomby koa ny fifidianana nataony teo amin'ny fifidianana kaominaly sy monisipaly. Izao koa hanomana fifidianana loholona dia vao mainka angamba ho fotaka araka ny fitenin'ny zatovo azy.

Niaina

Tsenan'i Besarety

Nanome ohatra nanadio tanàna ny Tafika

Rehefa tsy hanao ihany ny kaominina Antananarivo Renivohitra sy ny ben'ny tanàna Vazahabe: Naina Andriantsitohaina, amin'ny fanadiovana ny tanàna dia niditra an-tsehatra nanadio tanàna omaly ny teo anivon'ny Tafika Malagasy sy ny tao anivon'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena. Ny teo anivon'ny Minisiteran'ny Fiarovam-pirenena sy ny teo anivon'ny Etamazaoron'ny Tafika an-tanety dia nanentana ny rehetra hanaja ny tontolo iainana, indrindra amin'izao fotoampahavaratra izao, mba tsy hanary fako eny rehetra eny. Nitarika fanadiovana ny manodidina ny tsenan'i Besarety ny Lehiben'ny Etamazaoron'ny Tafika antanety, ny Jeneraly RAKOTONIAINA Jean Aimée, niaraka tamin'ireo miaramilan'ny vondron-tafika mitoby amin'ny manodidina an'Ampahibe omaly maraina. Ny tanjona dia ny hampisehoana amin' ny olom-pirenena, ny fahadiovan'ny tanàna dia andraikitry ny besinimaro.

Ireo avy amin'ny Tafika Malagasy, nanadio teny Besarety sy ny manodidina omaly.

Aly

Gérard Ramamimampionona

Tsy misy mahita tombontsoa amin'ny fifanenjehana sy ny valifaty politika

Tao anatin'ny fitondrana nifandimby dia saika ahitana olana foana eo amin'ny mpitondra sy ny mpanohitra eto Madagasikara. Mila fanorenana ifotony i Madagasikara raha ny nambaran'ny filoha lefitry ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy (CFM), eto amin'ny faritanin' Antananarivo, Gérard Ramamimampionona. Tsy tokoy hisy intsony ny fiverenana politika tsy nahomby teto amin'ny firenena raha ny nambarany ary mila maka lesona ny mpanao politika eto Madagasikara. Tsy vitan'ny hoe politika maloto fotsiny mantsy, fa miendrika valifaty politika mihitsy izany. Tsy vahaolana velively ny herisetra sy ny antsojay mitranga etsy sy eroa ary tokony ho politika marina no atao eto Madagasikara, fa tsy politika maloto tsy miteraka fampandrosoana sy filaminana akory. Tokony ho fadiana ihany koa ny lalao politika tsy mitondra soa ho an'ny firenena raha ny nambarany ihany. Mila mifampizara fifankatiavana ny malagasy hoy izy, ary mila averina ny fandalàna ny soatoavina maha-malagasy izay efa niainan'ny Ntaolo teo aloha ary tokony mbola ho tohizan'ny mpandimby aty aoriana izany. Tolo-kevitra no nomen'ity filoha lefitry ny CFM ity, mba hisainan'ny rehetra, na mpanao politika na olon-tsotra ihany koa satria tsy misy mahita tombontsoa amin'ny fifanenjehana sy ny valifaty politika mihitsy eto.

Ny filoha lefitry ny CFM, Gérard Ramamimampionona.

Rajo

Ny Valosoa sy fakafaka

Fitotongan'ny toekarena (-3,2%)

Anaty lavaka mangitsokitsoky ny fahantrana ny firenena

Sahirana mafy ara-toekarena sy amin'ny sehatra ara-tsosialy i Madagasikara nanomboka tamin'ny fidirana tamin'ny hamehana ara-pahasalamana, ka mandraka ankehitriny. Miàla amin'izany dingana izany isika ankehitriny ary miatrika ny vanim-potoana aorian'ny fihibohana. Anisan'ny iray lehibe amin'izany ny fametrahana drafitra maty paika fanarenana ny toekarena. Ny hiaingàna izany dia ny miankina amin'ny resaka antontan'isa. Antontan'isa iray manamarika ny toeran'ny firenena amin'izao ny taha-pitomboana ara-toekarena, ka raha novinavinaina ho hitotongana hatrany amin'ny -1,2% izany hatramin'izay dia ankehitriny nahitsin'ny Tahirimbola iraisam-pirenena fa ho -3,2% io fitotonganana io. Tsiahivina anefa fa tany amin'ny 4% mahery tany ho any no novinavinain'ny fitondrana tamin'ity taona ity, ary ho tafakatra hatrany amin'ny manodidina ny 5% amin'ny taona ho avy. Hampiova inona eo amin'ny fiainam-bahoaka anefa izany ?

Iaraha-mahalala sy mahita toy ny tafika andrefantanàna, ny fikorosofahan'ny lafim-piainana ara-tsosialin'ny vahoaka malagasy nandritry izay krizy ara-pahasalamana izay. Tena ao anaty lavaka mangitsokitsoky ny lavaky ny fahantrana ny firenena amin'ny ankapobeny. Tsy lavina, misy ny tsara fivelomana ary tena manontany ny ory mihitsy eto amin'ny firenena ao anatin'izao vanim-potoana sarotra izao. Olom-bitsy ihany anefa ireo ary ifangaroan'ny teratany Malagasy sy indrindra ireo teratany vahiny toy ny karana misy ny Indiana sy ny pakistaney. Fa ny ankamaroan'ny Malagasy mihitsy, izay tompon'ity firenena ity no sahirana mafy miady amin'ny fiainana isan'andro. Ireo ilay sarambabembahoaka mitady hanina ahafahany mivelona isan' andro. Ilay miharitra ny mafy noho ny fomba fiasa tsy mahombin'ny fitondrana, izay nampanantena zavatra be azy tamin'ny fotoanan'ny fampielezan-kevitra. Tsy nahomby ny fomba fiasa sy ny fepetra noraisina tany amin'ny fiandohan'ny taona sy indrindra ankatoky ny hidiran'ny valanaretina teto amin'ny firenena, ka niharam-pahavoazana mafy teo amin' ny fiainany andavanandro. Nihotsaka ny fiainany araka ny fitenenana.

Nisy ny nambara ho fiarovana izany fahavoazana izany nataon'ny fitondrana. Iaraha-mahita tsara anefa fa tsy nitondra mankaiza akory azy ireo izany. Latsaka lalina loatra ilay fahantrana. Toy ny marary homamiadana kanefa pilina parasetamôla no omena azy. Tsy mahasitrana izany. Na hilatsaka hatraiza aza ny fitotonganan'ny harin-karena faoben'ny firenena, ary na hiakatra hatraiza aza, tsy hampiova n'inona n'inona amin'ny fiainam-bahoaka. Io tarehimarika io foana rahateo no lalaovin'ny mpamatsy sy ny fitondrana kanefa tsy hita ho misy fiantraikany amin'ny vahoaka eo amin'ny fiainany izany. Karazany tarehimarika ho an'ny "mpibizina amin'ny harem-pirenena atao tantely afa-drakotra" eto fotsiny ihany izany, fa tsy ho an'ilay sarambabem-bahoaka akory. Koa aoka izay ny famitaham-bahoaka amin'ny resaka tarehimatika tanisaina etsy sy eroa hanasohasoana ny fitondrana, fa raha tarehi-marika no resahana dia anisan'ny gisitra isika amin'ny fijotsoan'ny harin-karena.

Sôh'son

Ny Valosoa sy hadihady

Filoha Rajoelina
Zon'ny vahoaka ny hahalala ny diany any ivelany

Efa any ivelany ny Filoha Malagasy Andry Rajoelina, Ramatoa mpiandraikitra ny serasera eo anivon'ny fiadidiana ny Repoblika Rinah Rakotomanga dia nanamarina izany vaovao izany, ary nilaza fa toy ny olona rehetra hoy izy Ingahy Filoha, ka mananjo hikarakara ny fianakaviany, mikasika ny fianaran-janany no anisan'ny antony nandehanany any ivelany hoy Ramatoa Tale, satria ireo zanany dia mianatra any ampita avokoa.

Tsy misy misakana azy tsy hiampita ranomasina, saingy ny olompirenena rehetra dia tokony hitovy eo anatrehan'ny lalàna , satria izy Filoha ihany no manambara fa tsy mbola azo sokafana ny sidina mankany amin'ireo firenena maro any Eoropa , ary vao notanisaina tamin'ny fampahalalambaovao tsy ela akory izay ny fisian'ireo firenena Eoropeana izay tena mbola fady mihitsy ny mampiantrano ny olona avy amin'ireo firenena voalaza ireo, izay midika hoe isika malagasy koa tsy mahazo miditra any amin'izy ireny. Fa lasa Ingahy Filoha, izy rahateo tsy miasa saina amin'izay lalàna, satria efa nahazatra azy hatramin' izay ny mandika lalàna sy mivadika tamin'ny sonia nataony, sy izay nolazain'ny vavany. Efa impiry izy no miseho amin'ny fahitalavitra tsy mitondra arotava , kanefa dia miseho sarotiny ery rehefa mahazo fitenenana , ny famorian'olona tsy manaja fepetra dia efa tsy lazaina intsony, ny mampalahelo dia maro ireo tratra tsy nitondra arotava nampanaovina asa fanadiovana, raha ny tokony ho izy anefa dia efa ela Ingahy Filoha no efa tokony ho nomena kifafa sy nanosika borety.

Fa mikasika ny dian'Ingahy Filoha any ivelany dia avilivily amin'ny hoe hikarakara ny fianaran-janany hono no anton-diany any, dia tsy lazaina mazava hoe lasa any Frantsa fa ambara hoe any Eoropa, kanefa iza no tsy mahalala fa ao Frantsa no mianatra ny zanak'Ingahy Filoha, fa tsy any Alemaina, na Belzika, na Angletera, na firenena Eoropeana hafa , fa matoa tsy sahy tenenina ny hoe lasa any Frantsa dia satria, nisy ilay vava latsaka raha nitafa tamin'ny mpanao gazety vahiny nanambaran'Ingahy Filoha, fa haka ireo Nosy malagasy izy ary nohitrikitrihany fa tsy hisy ny fiarahamitantana amin'ny frantsay fa dia alaina ambongadiny ireo nosy ireo, efa nolelalelaina ihany koa ny hoe hiverina tamin'ny 26 Jona 2020 teo ireo nosy ireo, kanefa tsy tanteraka izany, ny fialana bala nataon'Ingahy Filoha dia ny hoe tsy afaka niresaka tamin'ny tompon'andraikitra frantsay hono izy fa mbola sahirana tamin'ny fiatrehana ny aretina koronaviriosy, izao tapitra ny hamehana eto amintsika , efa foana ny fandaharana isa-tapabolana , tsy misy intsony ny manakana an'Ingahy Filoha tsy hiresaka amin'ny vazaha, izy rahateo efa any an-toerana, any aminy izao ny baolina miandry ny vokany ny vahoaka malagasy, sa mety hilaza indray Ingahy Filoha hoe , mbola ao anatin'ny fihibohana ny frantsay, ka tsy tafaresaka, kanefa anie azo atao tsara ny mifampitafa amin'ny alalan'ny "visioconférence" raha ilaina sy vonona ny filoha Malagasy.

Ny tsikaritra aloha nandritra ny fotoana nitondran'Ingahy Filoha , raha nisy ny fivoahany mankany ivelany , dia tsy nisy intsony ny fitafana tamin'ny mpanao gazety, izay fomba fanao iraisampirenena , ny filohampirenena rehefa miala ao amin'ny taniny dia tsy maintsy milaza amin'ny vahoaka hoe lasa aho, izao no anton-diako any ivelany , ary rehefa tonga dia tsy maintsy milaza koa hoe ity aho fa tonga ,toy izao ny nalehako tany ivelany, ka ny mpanao gazety no misolo tena ny vahoaka miresaka aminy sy mampita ny vaovao ho ren-tany ren-danitra, zon'ny vahoaka ny mahafantatra ny diany, ny vahoaka no tompon'ny fahefana izay isalorany, ka tokony hanao tatitra amin'ny vahoaka izy.

Koa manantena vaovao tsara avy amin'ny Filoha ny vahoaka Malagasy ary indrindra mba halalaka amin' izay ny fitafany amin'ny mpanao gazety tsy hisy fanavahana, satria filoha avy nitsidika tany amin'ireo firenena anjakan'ny fahalalahana maneho hevitra, sady avy nihaona tamin'ireo mpitondra any ivelany tsy mpanagadra mpanao gazety no tonga , dia tena hitodika aty amintsika tokoa ny mason'izao tontolo izao , ahitana ny fahamarinan'ny hoe : "restitution fa tsy cogestion".

Aiza indray no mbola hisy ohatr'izany!

Ny Valosoa

Ampanjakan'i Mananjary
Ota fady ny carnaval kasain'ny fitondrana hatao

Fikasana hizarana an'i Vatovavy sy i Fitovinany ho faritra miisa 2, ka hijoroan'ny faritra faha-23, tsy mbola miravina amin'izao fotoana ny olana eo amin' ny Fitondrana sy ny Ampanjaka. Fantatra izao fa mitsipaka tanteraka ny fikasan'ireo olon'ny fanjakana hanao hetsika arapolitika ao Mananjary ny Ampanjaka sy Olobe ao an-toerana.
Raha ny fantatra dia hisy ny carnaval kasain'izy ireo hatao ho fisaorana ny filohampirenena amin'ny hanomezany ny faritra faha-23.
Nambaran'ireto Ampanjaka ireto, fa tsy azo atao ary fanotana fady ny fanaovana io hetsika io mandritra ny fankalazana ny fetin'ny maty ao antoerana. "Tsy ekena ny fihetsiketsehana politika mandritra ny fotoanan'ny fetin'ny maty ity, amin'ny daty 26 oktobra ka hatramin'ny hivoahany amin'ny

Ny sasany amin'ireo Ampanjaka any Mananjary.

fomba ofisialy ny faritra Vatovavy iray tsy mivaky", hoy ny fanambarana.
Raha misy hitady hihoatra an'io fanambarana io, ka hanitsakitsaka an'izany, dia tsy tompon'andraikitra ny ray aman-dreny Ampanjaka ao Mananjary. Hiteraka savorovoro sy ady raha ohatra ka hatao izany fihetsiketsehana izany. Ny tsy fanajana io fanambarana io dia midika fanitsakitsahana ny hasin'ny Tranobe sy ny hasin'ireo Ampanjaka izay mitondra an'ity vohitra ity", hoy ihany ireo Olobe avy amin' iny faritra iny.
Ny faritra Vatovavy Iray Tsy Mivaky dia ahitana an'i Mananjary, Nosy-Varika, Ifanadiana ary Ikongo, ka asa hanao ahoana ihany ny hihafaran'ity faritra faha-23 izay hajoro ity?

Stefa

Faritra Sava
Mitotongana be ny vidin'ny lavanila, sahirana ny tantsaha

Sahirana ireo tantsaha any amin'ny faritra Sava iny amin'izao fotoana satria nitotongana be ny vidin'ny lavanila eo amin'ny tsena any an-toerana. Tafidina ho 250.000 Ar amin'izao fotoana ny vidin'ny lavanila masaka 1 kg, raha tokony ho 500.000 Ar ny vidin'ny 1 kg farany ambany hoy ireo tantsaha mpamokatra izany any amin'iny faritra iny. Teo aloha aza dia efa tafakatra hatrany aamin'ny 1.200.000 Ar ny vidin'ity volamena maity ity tany Sava. Tezitra amin'ny fitondran-dRajoelina arak'izany ankehitriny ny any an-toerana, satria tsy araka ny fampanantenana nataony ny zava-misy, izay nanambara tamin'ny fampielezan-kevitra, fa hakarina hatramin'ny avo 2 heny, na avo 3 heny ny vidin'ity vokatra fanondrana ity. Mbola fampanantenana ihany koa no nataony tamin'ny fandalovany farany teo tany amin'ny faritra Sava, fa mbola tsy nitondra vahaolana mahakasika io olana io.

Isambilo

Vokatra lavanila, mampalaza ny faritra Sava.

TONONKALO

AMBONIN`NY LALÀNA ?

Be ny zava-tsy milamina ka ezahina hafenina
amin`ny fizaràna vary sy karazam-panomezana,
Saingy be no tonga saina, maro koa no efa manenina,
Noho ny ataon`ireo mpitondra zatra ny manao letrezana.

Ampahan`asa no mba vita dia natao ny fitokanana,
F`efa tena lany henatra ry boaikely sy ny tariny.
Seho ivelany no betsaka raha jerena sy tombanana,
Fidedahana hatrany , izay no ventin`ny kabariny.

Izy "ambonin`ny lalàna" k`afaka manao izay tiany.
(Na ho arivo ny mpanotrona , tsisy afaka hiteny !)
Ny manangonangona olona , izay no tena fifaliany,
Ka dia zary fihomehezana , izy sy ny hagegeny !

… Efa tampina ny sofiny ka tsy mahare intsony
Ny antsoantson`ny vahoaka difotry ny fahantrana.
Mihevera , mandiniha `nareo mihevitra ho ambony
F`ianareo no tena lohany amin`ny fandikan-dalàna !

DADAN`i ZINA (28-10-20)

RAHARAHA ESPLANADE ANALAKELY

Resy Vazahabe sy ny CUA, nandresy ireo mpivarotra

Hafaliana ny an'ireo mpivarotra mpandraharaha Malagasy mivelona eo amin'ny Esplanade Analakely, fa nomen'ny fitsaràna rariny izy ireo tamin'ny fitoriana napetraky ny ben'ny Tanàna Vazahabe : Naina Andriantsitohaina, teny amin'ny filankevi-panjakàna (Conseil d'Etat). Raha tsiahivina dia efa ambolana maro ireto mpivarotra ireto no efa nitaintaina fa hoesorin'ny CUA eo amin'ny toerana ivarotany. Nisy ny taratasy nalefan'ity farany, izay manome fotoana azy ireo 3 volana ialàny eo amin'ny toeram-piasàny. Amin'ny maha ara-dalàna ny tara-

tasy eo am-pelatanan'ireo mpandraharaha Malagasy ireo, izay nifanaovana tamin'ny mpitantana ny Tanàna teo aloha dia tsy nanaiky mora izy ireo, fa nitory teny amin'ny fitsaràna. Nahazo rariny ireo mpivarotra eo amin'ny Esplanade Analakely tamin' izany . Ny kaominina tarihan'ny ben'ny Tanàna Vazahabe koa tetsy andaniny tsy nanaiky mora, fa nampiakatra ny raharaha teny amin'ny filankevi-panjakana, izay rantsam-pitsaràna ambonimbony kokoa indray , ka omaly alarobia no nanaovana ny fotoam-pitsaràna. Niala maina i Vazahabe sy ny CUA teo fa nanjaka ny FAHAMARINANA. Nivoaka mpandresy ireto mpivarotra mpandraharaha Malagasy ireto. Dia mbola hitady hevitra inona indray ny mpitantana ny Tanàna Naina Andriantsitohaina, izay tsy manana toetsaina hanangana fa ny handrava ihany no ao an-dohany?

Helisoa

Barea sy Elefanta any Barikadimy

Ho avy, nahazo fahazoan-dalana manokana ny Ivoiriana

Araka ny vaovao voaray omaly, ho avy ary ho raikitra ny lalao miverina eo amin'ny Barea an'i Madagasikara sy ny Elefantan'ny Côte d'Ivoire, izay hatao any Barikadimy Toamasina ny 17 novambra ho avy izao. Nahazo dérogation spéciale, na fahazoan-dalana manokana ny delegasiona Ivoirianina hahafahany mankaty Madagasikara amin' ny lalao hifanandrinany amin'ny Barea, amin'ny fifanintsanana amin'ny CAN 2022. Efa eo am-pikarakarana ny hahafahan' ireo mpilalaon'ny Barea any ivelany ho avy eto amintsika koa ny tompon'andraikitra, sy ny hahafahan'ny ekipam-pirenena Malagasy hihazo an'i Côte d'Ivoire amin'ny

lalao mandroso hatao any Abidjan ny 12 novambra ho avy izao, 5 andro mialohan'ny lalao famerenana aty amintsika. Araka ny voalaza amin'ny gazety any Côte d'Ivoire, hisy sidina hitondra azy ireo ho aty Antananarivo, avy eo sidina manokana no hitondra azy ireo any amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana. Ho an' ireo mpilalaon'ny Barea kosa araka ny voalaza, hisy amin'izy ireo no hihazo mivantana an'i Abidjan amin'ny lalao mandroso ny 12 novambra, ny sasany kosa handalo an'i Addis-Abeba, vao hihazo ny an'i Côte d'Ivoire. Amin' ny lalao miverina aty Madagasikara, efa eo ampandinihana ny hahatongavan'ny mpilalao Malagasy eto amintsika ihany koa ny tompon'andraikitra, na hisy ny sidina manokana ho any Toamasina, na handlo Nosy-Be aloha izy ireo, mialohany hihazoany ny renivohitry ny faritra Atsinanana. Mbola miankina amin'ny fivoaran'ny valanaretina coronavirus any Frantsa koa anefa izany. Fa araka ny vaovao farany momba ny lalao mandroso, ny 14 novambra indray izany no ho tanterahana, ny lalao miverina kosa hatreto mbola tsy miova ny daty.

Lita

Sakafo Ny Valosoa

Henakisoa sy ravim-boatavo, na ravina tsirebika indray no laoka eto amin'ny pejin'ny Sakafo amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia, na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Azo sotroina tsara ny ranon' orana

Azo sotroina tsara ny ranon'orana, izay indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Entona mivadika ho rano ny ranon'orana. Raha ny lôjika dia tsy afaka ny hifangaro aminy ireo singa ratsy, toy ny "gaz carbonique". Mba ho tena ara-pahasalamana fotsiny izy dia kendrena hadio tsara ny fitaovana hanatazana azy sy ireo fitaovana hitahirizana azy ary tsara kokoa raha tsy ranon'orana avy ambony tafon-trano, na ny fandehanan-dranon'orana no tatazana fa ilay avy any an-danitra iny mihitsy.

Sotroina isan'andro mba hamelombelona : mamelombelona ny sela ny ranon'orana. Raha sotroina isan'andro, ampifandimbiasina amin'ny rano mineraly izy, dia mitombo avy 2 heny ny tahan'ny mineraly entin'ilay rano mineraly ampiarahana aminy. Ireto ihany koa ny voka-tsoa hafa entiny, raha sotroina isan'andro ny ranon'orana:

• Manala hetaheta sady mampangatsiatsiaka.
• Manala ireo singa ratsy ao anatin'ny vatana.
• Mampatanjaka, indrindra aorian' ny fanatanjahantena.
• Manatsara ny fifandraisan'ny sela.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Ambalabe, distrikan'Antalaha, faritra Sava

Mitohy hatrany ny fampahafantarana ireo kaominina an'arivony manerana an'i Madagasikara. Tao aorian'ny fampahafantarana ireo tanàna amin'ny kaominina any amin'ny distrikan'Andapa, hiditra amin'ny fampahafantarana ireo tanàna amin'ny kaominina any amin'ny distrikan'Antalaha indray isika. Ny tanànan'Ambalabe any amin'ny distrikan'Antalaha, faritra Sava indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambalabe ity tanàna ity. Azo lazaina ho iva toerana ihany izy, izany hoe manakaikikaiky ranomasina, satria 40 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Amin'ny faritra atsimo atsinanan'ny fritra Sava no misy azy. Saika tantsaha avokoa ny mponina any an-toerana, mpamboly lavanila.

Mazotoa mihira

Hira fahatsiarovana indray no tononkira atolotra anao androany, Tsiahy an'i Nary Arthur, dia mazotoa mihira e !

Tsiahy

MPAMORONA / MPIHIRA : Nary Arthur

Nataoko ny tsy hahatsiaro ny anaranao
Tsy tiako hifoha intsony
Nataoko ny hanadino ny salovanao
Mandratra ny ati-fo
Mitomany aho,
Vonton-dranomaso,
Malahelo am-po,
Mahatsiahy ny taloha,
Ny ranomaso foana no mitraotra

Nataoko anefa ny hangina
Tsy hiverina hibanjina ny lasa
Ny endrikao ry fahiny, ny zava-bita
Niniako ho hadinoina

Mitomany aho, Vonton-dranomaso,
Malahelo am-po, Mahatsiahy ny taloha,
Ny ranomaso foana no mitraotra

Mitomany aho, Vonton-dranomaso,
Malahelo am-po,
Mahatsiahy ny taloha,
Ny ranomaso foana no mitraotra

NY TENY FIAINANA

"Izaho sy ny Ray dia iray ihany."

Jaona 10:30

RANDRANA SENDIKALY

Hiha-mafy ny tolona ho fiarovana ny zon'ny mpiasa taorian'ny fihibohana

Potika tanteraka ny tontolon'ny asa ho an'ny sehatra tsy miankina amin'izao fahataperan'ny hamehana ara-pahasalamana izao, hoy Andriamatoa Ratokoman-ga Barison, Sekretera Jeneralin'ny Svs, no sady Mpandrindra ny Randrana sendikaly. Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra ity, fa araka ny tatitra avy amin'ny Cnaps dia maherin'ny 250 000 ireo mpiasa misedra olana ao amin'ny tontolon'ny asa tamin'ny hamehana ara-pahasalamana ary ny fahatapahan'ny fifanarahana arak' asa sy ny tsy fandrotsahan'ny mpampiasa ny latsak'emboka 1% avy amin'ny karaman' izy ireo any amin'ny Cnaps, sy any amin'ny SMIE (Service Medical Inter-Entreprise), no ankabeazan'ny fitarainana voarain'ny Randrana Sendikaly, avy amin'ny mpiasa amin' izao fotoana izao. Nilaza ity Mpandrindra ny Randra-na Sendikaly ity, fa tokony hametraka paika-dy ahafahan'ny mpiasa Malagasy miatrika ny zavamisy aorianan'ny hamehana ara- pahasalamana ny Sendikan'ny mpiasa ary mba hahafahana manatanteraka an'izany tanjona izany dia hiezaka hampivondrona an'ireo hetsika sendikaly rehetra, izay natao ho fiarovana ny zon'ny mpiasa nandritra ny fihibohana ny Randrana Sendikaly, izay notanterahina tetsy amin' ny HOTEL Le Pavé Antaninarenina nanomboka ny alatsinainy teo, ka nifarana omaly alarobia. Ankoatra izany, handinika ny mety ho tohin'ny tolona izay natao hatramin'izay ireto farany ary handrafitra fe-hin-kevitra iray izay hatao etsy amin' ny Live Hotel Andavamamba rahampitso zoma. Namarana ny fanehoan-keviny ity Sekretera Jeneralin'ny Svs ity, fa tokony ho jeren'ny fitondram-panjakana akaiky ny mpiasa amin'ny sehatra tsy miankina amin'izao fiafaran'ny fihibohana izao, satria miatrika olana goavana ny mpiasa Malagasy ankehitriny.

Franck Razakambelo

Ny fikaonandohan'ny Randrana Sendikaly, tetsy amin'ny Le Pavé Antaninarenina.

Kaominina Alasora

Vita ny toeram-panasan-damba sy fidiovana ao Ambatonjara

Nahavita foto-drafitrasa vaovao ny kaominina Alasora, izay tarihan'ny ben' ny tanàna Jimmy Randriantsoa, ao amin'ny distrikan'Antananarivo Avaradrano, iza-ny dia vokatry ny fiaraha-miasa tamin'ny tsy miankina na 3P: Partenariat Public Privé. Ireo zava-bita ireo dia Bassin Lavoir na toeram-panasan-damba, Douche Sy WC public na toeram-pidiovana sy fivoahana, ao amin'ny fokontany Ambatonjara.

Vita soa aman-tsara ny fototrafitrasa, ary efa nanomboka nampiasiaina tamin'ity herinandro ity. Ny fiadidiana ny tanànan'Alasora dia manentana ny mponina manodidina, mba tsy hanary diky sy pipy na amany amin'ny tatatra manodidina intsony. Aoka isika tsy handrora mitsilany hoy ny fanambarana ary mankasitraka izy ireo ny mpiara-miombon'antoka rehetra.

Zava-bita ao amin'ny kaominina Alasora Avaradrano.

Aly

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Esplanade Analakely, hijoro hatramin'ny farany ireo mpivarotra

Arp Helisoa : miantso ny olompirenana, ny Mpandraharaha tratry ny tsindrihazolena toa azy Ireo ny Mpandraharaha Malagasy mivelona eo amin'ny Esplanade Analakely hifanome tanana amin'izy Ireo. Mbola misy tsy Vita ny tsena sasany, ao ireo mbola mandoha Trosan'ny banky nefa dia izao no mahazo azy Ireo, tadiavin'ny CUA harodana ny trano fivarotany.

Juliette Ranaivoarisoa : ianareo manaiky koa.

Arp Helisoa : efa miady ry zareo e! efa miady hatramin'ny farany.

Martial Tovonirina : aiza ny mpitarika, milq mijoro hatramin'ny farany ireo mpivarotra satria ara-dalàna ny fifanarahana nataony tamin'ny mpitondra ny kaominina teo aloha.

Tahinjanahary Randriamampianina : fa ity commune urbaine ity ve tsy mahalala hafa tsy mamono olona e, miala tsiny aminareo akama misolelaka sy mahazo place ao. Malagasy ve nareo sa KARASINOVAZAHA.

Nirina Rakotonanahary : Tahinjanahary Randriamamianina, ny vazaha tsy te halala an'izany.

Bakoly Ranaivoarivelo : ampio r'izareo ry mpandraharaha rehetra a! Akanga maro tsy vakin'amboa e!

Tsy mila Radomelina : mivavaka Isika ho an' ny Malagasy.

Michel Jacques Rakotozafy : MARIN'IZANY.

Zinnah Rabarisoa : may ny afo natsangany.

Arp Helisoa : fa ahoana? mpandraharaha anie ireo fa tsy misy resaka politika kosa e!

Mbolatiana Rasoazanany : Zinnah Rabarisoa, hazavao ny tianao lazaina.

Zinnah Rabarisoa : aza maivava ohatrizany fa mba mampalahelo reo.

Sedera Ratovo : tokony tsy ho kitihana Kosa ireo fivarotana ireo fa ialy izy aza ohatran'ny patrimoine koa !

Lova Rakotonirina : aza miandry ho reraka be sy efa ho faty vao mahalala mitsipaka.....!

Apollinaire Rakotondrasoa : mampanahelo izy ireo. Aza mba manao izany rangahy, fandalovana io e!

Mbolatiana Rasoazanany : za mahita ilay pub bé hoe mandroaka, mandrava tsena, heveriko fa efa milamina bé Tana .... kay loza ity loto sy korontana érak'Analakely fa tena grave.... maika ery nefa hampiditra fourrière raha sendra diso place ny voiture.... Tia tena ny mpitondra ao amin'ny Commune ao. Ny vola miditra aminy ihany no hainy.

Nirina Rakotonanahary : tafapetraka izy... nifidy azy tsika vahoaka majinika. Dia zao no valimpitia nomeny hoantsika gasy kely mba mitady zay ho atokona anio. Tena mampalahelo. Ankinina amin' Andriamanitra sisa ny ady.

Rochel Rabemanana: milaza ireo mpivarotra fa vonona hanao vy very ny ainy, izany hoe na inon-kidona, na inon-kihàtra dia hiaro ny toeram-pivarotan'izy ireo hatramin'ny farany.

Billy Chaumier : te hifidy azy , ka izao vao mahatsiaro ny jabora lanin'ny saka.

Randriamamonjy Lanto Miangaly : ngah moa tsy nareo no nifidy azy?

Harrifetra Mix : mila mijoro isika Malagasy hanohana mpandraharaha gasy, efa bé diso fanantenana, ka ndao tohanana ny Mpandraharaha Malagasy raha mbola mahatsiaro tena Malagasy, fa tsy hoe nareo te hifidy ireo eo.

Zama Marc : ilay nanome halalana mody mitapy.

Aina Lalaina Rova : courage jiab e, mampalahelo ny toe-tsain- zareo menarana, tena hita mintsy we taranaka menarana, tsy mena-mivadika(CUA).

Romeo Nantenaina: tsy ny CUA ihany no mamely mpandraharaha Malagasy io, fa hatramin'ny any an-tampony any amin-dRjoelina mihitsy no saribakolim-bazaha daholo, tsy miraharaha ny Malagasy mitovy amin'ny tena. Tena mampalahelo no sady mahasosotra.

Kitty Rasoanirainy: zahay koa mpivarotra, fa vonon izahay haneho firaisankina amin'ireo mpivarotra, mpandraharaha eo amin'ny Esplanade ireo.

Ricky Ravelomanantsoa: tadiavina homena ny karana, na ny sinoa indray ny Esplanade io dia ny Malagasy mba miezaka no potehina, tena tsy rariny intsony mihitsy ity ataon'ny CUA sy ny fitondran-dRajoelina ity ka!

Gwladys Rabenaivo: tena fitondrana saribakolim-bazaha mihitsy ny ao amin'ny CUA Analakely, sy ny eny Ambohitsorohitra sy Mavoloha e!

Fara Andriamisandratra: tsy tokony hiala eo hatramin'ny farany ireo mpivarotra mpandraharaha ireo, satria efa nomen'ny fitsarana rariny izy ireo, noho izany tena mitombina ary azo raisina ny fangatahany tsy hiala eo amin'ny toeram-pivarotana misy azy ireo.

VALANARETINA COVID19

Miisa 624 ireo voasazy tratra tsy nanao aro vava sy orona omaly

Fisorohana ny tsy hipariahan'ny valanaretina covid19, maromaro indray no tratran'ny Polisim-pirenena tsy nanao aro vava sy orona omaly teto an-drenivohitra, miisa 624 izy ireo izay nasaina nanao asa iombonana avokoa:
- Tao ny nasaina nanadio ireny faritra misy ny biraom-panjakana ireny.
- Ireo tsy nahazo kifafa kosa dia nasaina nikarakara bozaka tamin'ireny faritra maitso ireny, tao ihany koa anefa ny nitsimpona poti-taratasy sy fonon-tsakafo (bonbon, biscuit,...) teny amin'ny lalambe fandehanan'ny mpandeha an-tongotra teny.

Na dia efa mandray ny andraikiny aza ny Polisim-pirenena dia ilaina ny fahatongavan-tsainan' ny tsirairay hiaro ny tenany sy ny manodidina azy, mba tsy hiverinan'ny fahasahiranana izay efa niainana teo aloha noho ity valanaretina coronavirus ity, izay aretina mbola misy ary mbola mamely eto amintsika.

Ireo olona nanao asa iombonana, tratra tsy nanao aro vava sy orona omaly.

Niaina

Valanaretina coronavirus

Mbola tsy maintsy arahana avokoa ireo fepetra ara-pahasalamana

Mbola misy ny valanaretina coronavirus ary mamono raha tsy mahazo ny fitsaboana sahaza, noho iza-ny mbola tsy maintsy arahana avokoa ireo fepetra ara-pahasalamana, ho fisorohana ny tsy ipariahan'ny valanaretina covid19 eto amintsika. Ho an'ny eto Antananarivo sy ny manodidina, somary nivaha ny fanaovana aro vava sy orona tao ho ao. Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra saziana ny tsy fanaovana izany. Na dia foana aza ny "hamehana ara-pahasalamana" eto Madagasikara dia mbola didiana sy tsy maintsy harahina hatrany ireo "gestes barrières" fepetra ara-pahasalamana rehetra, mba hisorohana ny fihanaky ny tsimokaretina corona eto amin'ny Firenena. Namoaka didim-pitondrana ny Préfet eto Antananarivo tao aorian'ny fifampidinihana tamin'ny Governora ny Faritra Analamanga, fa didiana tsy maintsy anaovana sy apetaka ny "ARO VAVA SY ORONA" na "CACHE BOUCHE" eto amin'ny Faritra Analamanga.

Ny tsy fanaovana izany dia hiteraka SAZY amin' ny fanaovana ASA IOMBONANA (Travaux d'intérêt généraux). Aza ny sazy sy ny mpitandro ny filaminana no atahorana, fa fiarovana ny tenanao sy ny hafa, hoy ny fanambarana.

Mahavoasazy toy izao ny tsy fanaovana aro vava sy orona.

Stefa

Tsy fandriampahalemana

Nisy namaky ny fiangonana Karmela Ambatomaro

Miseho lany ankehitriny ny tsy fandriampahalemana eto amintsika, tsy an-tanàn-dehibe, tsy an-drenivohitra fa saika isan' andro dia misy hatrany ny halatra, vaky trano, vono olona,… Tsy mifidy angalarana koa ireo jiolahy, fan a orinasa, na olon-tsotra, no toeram-pivavahanana, sy ny maro hafa… dia mety ho lasibatra avokoa. Teto an-drenivohitra afak' omaly alina, nisy namaky ny Fiangonana Karmela Ambatomaro, ao amin'ny Boriboritany faha-5 eto an-dRenivohitra. Entana maro tao am-piangonana no lasan'ireo jiolahy tamin'izany, noho izany manambara ny ao amin'ity fiangonana ity, raha sendra misy mahita na mahatsikaritra ireto entana maro voaroba manaraka ireto dia tokony hilaza amin'ny tompon'andraikitry ny fiangonana, na ny mpitandro filaminana izy ireo:
- Pied micro en acier et alu (6),
- chaise palissandre (4),
- commode à tirroire,
- famantaran'ora mural,
- veram-pandraisana aman-jatony,
- jiro balladeuse, sy fitaovana madinidinika…

Nakorontan'ireo mpangalatra toy izao ny tao am-piangonana, nakany izay azony nentina.

Stefa

Tao anaty hamehana ara-pahasalamana

Nitombo koa ireo nitady zaza teny Ivato

Toa zary vazivazy zaritenany ihany ny rabirabin'ny olona, fa nampitombo ny vehivavy bevohoka ny hamehana ara-pahasalamana teto amintsika nandritry ny fito volana, dia tsy vitsy koa anefa no tonga nikarakara vatana teny amin'i Jessica **03387 395 41**, mpitsabo sy mpanotra eny Mandrosoa Ivato. An-jatony mantsy ireo nilaza fa tsy nety nitoe-jaza mihitsy tao anatin'ny taona maro nefa mba te-hiteraka. Tao koa ny afa-jaza foana tsy amin'antony, ka miverina amin'ny teo aloha ihany, fa tsy vitsy koa ireo tratry ny mosavy, ka tsy mety mitoe-jaza mihitsy na dia efa nanatona mpitsabo aza. Fa tsy vitsy koa anefa ireo nilaza kosa fa diso kely aizana indray aza. Ireo tonga nisaotra ity mpitsabo ity no nahafantarana, fa izay nanatona sy nokarakaraina tao aminy no nahazo fahasoavana be indrindra ary tsy araky ny nangatahana indray aza fa kambana mihitsy. Io ramatoa io no nijoro vavolombelona, fa tsy nety nahazo zaza mihitsy hono izy tao anatin'ny folo taona ary efa nitety mpitsabo sy renin-jaza maro fa tsy nety nahazo zaza mihitsy. Taty amin'i Jessica aho hoy izy no nahazo zaza ary kambana be izao mihitsy. Tsy nino aho hoy izy fa rano manokana no nampisotroiny ahy ary mbola notroriny tamin'ny menaka avy any Inde ihany koa aho. In-telo monja anefa aho no teny aminy hoy izy dia nitoe-jaza ary izao teraka soamantsara izao. Niaiky moa izy fa samy manana ny anjarany tokoa ny rehetra, fa ho azy dia nahasoa azy ny fanatonany ity mpitsabo ity. Ilay vehivavy nihaino azy moa dia nilaza ihany koa fa tratry ny olana mitovitovy amin' izany ary efa nilamina ihany koa ankehitriny rehefa nanatona teny aminy. Samy nanolotra fanomezana ho an'ity mpitsabo ity moa izy roa vavy satria zava-dehibe loatra teo amin'ny fiainany izao nahazoany zaza izao, ka mbola nanentanany ireo manana olana, mba hanatona eny raha te-hiteraka sy manana olana ara-piterahana ihany koa.

Namana

Taratasin'ny mpamaky

Taratasy alefa aamin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao izao manaraka izao mahakasika ireo mpivrotra eo amin'ny Esplanade Analakely. Araka ny fanadihdina natao momba ny Esplanade Analakely: alana ny malagasy dia omena ny vahiny izy io. Lazaina fa tsy ara-dalàna ilay tsena eo amin'ny Esplanade Analakely kanefa dia tsena ihany no haverina haorina eo. Raha tena tsy ara-dalàna marina ireo foto-drafitrasa ireo tsy naharesy tamin'ny fitoriana izay napetraka ka nivoaka ho mpandresy tamin'ny fitsarana ireo mpivarotra. Mandeha ankehitriny ny resaka fa vahiny no nahazo ny toerana. Ny vahiny ihany ve izany no natao handraharaha, fa rehefa ny malagasy dia potehina tanteraka sy lazaina fa tsy manara-dalàna? Tsy hanaiky ihany koa ireo mpivarotra tompon-toerana satria tsy mbola mazava akory ny tohin'izao tantara izao. Latsa-panenenana ireo mpivarotra. Nenjehana mafy ny ben'ny tanàna teo aloha fa hoe tsy nanana fon-dreny sy tsy nitsinjo ny madinika, nosoketaina mihitsy aza, izao vao manenina ireo mpivarotra sasany. Natao avokoa ny fikafika sy ny hasomparana rehetra mba tsy handehanan'ny asa teto Antananarivo renivohitra. Niezaka hatrany nitady ny marimaritra iraisana ny tompon'andraikitra teo aloha sy ireo mpivarotra ary niezahana ihany koa ny nampanara-dalàna azy ireny. Ankehitriny kosa efa mitovy firehana amin'ny fitondrana no nahazo ny toeran'ny ben'ny tanàna nefa tsy hita izay tena asa mivaingana vitan'ny ekipan'I Naina Andriantsitohaina Vazaha hatramin'izao, ny lalana potika, ny fako miavosa. Nanantena ny ho afa-pahasahiranana ireo nanaiky norebirebena kinanjo vao mainka nidiran-doza. Ny kely efa mba naorina ho fitsinjovana narodany avokoa, ny solony anefa mbola fampanantenana manidina hatreto no ataon'i Naina Vazaha sy ny ekipany. Mifohaza ry Antananarivo!

Joro Rakotoarison
Lot IVX… Anosibe, Antananarivo.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 24/10/2020 hatramin'ny 31/10/2020

- DE LA PERGOLA (Antaninarenina) 020 22 237 17 / 034 19 733 95 / 033 51 510 70

- HERIZO (Antanimena face Eglise Catholique) 020 22 697 22

- ITOKIANA Manakambahiny) 020 22 322 64

- ANJA (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22

- TSARA (Andavamamba, route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1086-10-2020
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

MAROAMALONA AMBILOBE

Misy tanin-drongony hatramin'ny 3 ha

Misy tanin-drongony hatramin'ny 3 ha any amin'ny distrikan'Ambilobe, faritra Diana iny. Tratran'ny mpitandro filaminana ireo mpamboly izany, sady mivarotra ihany koa. 540 kilao ihany koa no rongony tratra tamin'ny tranoheva miisa telo ary toeram-pambolena rongony, izay mirefy 3ha, nahitana 20.000 fototra tamin'izany toerana izany, izay any MAROAMALONA fokontany BOBANTSETRY, kaominina Ambanivohitra ANABORANO IFASY distrikan'i AMBILOBE, faritra Diana. Nandritra ny fidinana tampoka nataon'ny Zandary ao tombim-paritra Anaborano Ifasy ny herinandro teo, tratra ireo dimilahy izay nahitana ny mpividy, ny mpamboly, ny mpitatitra rongony avy any amin' io toerana izay antsoina hoe MAROAMALONA io. Efa mandeha ny famotorana ataon'ny Zandary ary hatolotra ny fampanoavana ny raharaha. Tsy maintsy nodorana avokoa ireo rongony tratra ireo, izay mitarika ny tsy fandriampahalemana.

Ireo mpamboly, mpivarotra, ary mpividy rongony tratran'ny zandary tany Ambilobe.

Stefa

Tsivory Amboasary Atsimo

Manga manta no hanin'ireo olona ianjadian'ny kere

Mamely mafy any amin'ny kaominina Tsivory any amin'ny distrikan'Amboasary, faritra Anôsy amin' izao fotoana ny kere. Araka ny vaovao voaray, maro ireo olona iajadian'ny hanohanana ao amin'ity kaominina ity. Manga manta no andrahoina ho sakafon'ireo vahoaka. Efa nisy ihany koa ireo maty noho izay tsy fahampian-tsakafo izay. Ireo mpitondra fivavahana Katolika no mitsinjo sy manampy ireo vahoaka, nefa tsy ampy ny fanohanana ataon'izy ireo noho ny fahamaroan'ireo olona tratran'ny tsy fanjarian-tsakafo. Miantso ny tompon'andraikitra araka izany ireo vahoaka any an-toerana hijery izao olana mahery vaika mahazo an'izy ireo izao.

Niaina

AFT Andavamamba

Handray hetsika momba ny fiofanana sy ny asa ny 6 sy 7 novambra izao

Handray hetsika momba ny fiofanana sy ny asa, na « carrefour de la formation des métiers et de l'emploi », ny AFT etsy Andavamamba ny 6 sy ny 7 novambra ho avy izao. Miha-maro hatrany ny tanora miditra eo amin'ny tsenan'ny asa eto amintsika, matetika tsy hitan'izy ireny ny fiofanana hatao ahitana ny asa sahaza, izany no anisan'ny kinendry amin'izao hetsika ho tanterahana izao. Efa miditra amin'ny andiany faha-4 amin'ity taona ity ny hetsika, hatao ihany izany amin'ity taona ity, na eo aza ny olana nateraky ny valanaretina coronavirus eto amintsika. Izao hetsika izao dia sehatra hihaonan'ny mpianatra, ireo tanora manana diplaoma, ireo mpianatra vao afaka bakalôrea, ny foibe fanofanana samihafa ary ireo orinasa, mitady mpiaramiasa vaovao sy mavitrika. Miisa 50 eo ireo tranoeva handray anjara hampiranty ny momba azy mandritra ireo 2 andro ireo, izay avy amin'ny seha-pihariana sy fanofanana samy hafa. Hisy ihany koa famelabelarana arahina ady hevitra, sy fitsapam-pahaizana mandritra ireo fotoana ireo.

Aly

Ny AFT etsy Andavamamba, hanatanterahana ny "carrefour de la formation, des métiers et de l'emploi".

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 324



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0323)

Mitsivalana

- Simba – Fa (miv)
- Eva – Mora
- Maimbo
- Nay – Ha
- Alaina
- Na – Kitay
- Aina – Osa

Mitsangana

- Sembana
- Iva – Lay
- Maina
- Maika
- Ambiny
- Oo – Ota (miv)
- Ar – As
- Faladia

TENY MIFANARAKA N° 324



Mitsivalana

1. Vehivavy tanora tsy manambady **2.** Hena sy anana – Fanitarana **3.** Fangaron-daoka **4.** Tampisaka – Teny fiangaviana **5.** Korana, tsinjaka **6.** Mpanolotra – Hazo maro – Mitempo (miv) **7.** Voankazo – Làlam-pirenena **8.** Hita ao amin'ny Baiboly – Olon-tiana **9.** Lakroa – Mifanaraka **10.** Andraikitra – Fonenan'ny tafika (miv)

Mitsangana

A. Atsofoka lalina **B.** Tovona – Havana (miv) **D.** Tetik'ady, paika **E.** Eny, tia – Telo sy roa (miv) **F.** Azo leferina – Lavitra tsy hita maso **G.** Aro orana **H.** Karazan'aretina – Fito Romana **I.** Jiaby – Mikoriana ao anaty **J.** Volamena, varahina – Voankazo **K.** Renirano – Ao amin'ny tafa – Teny manohitra (miv)

Valiny Teny mifanaraka 0323

Mitsivalana

1. Fanjakanao **2.** Avoaka **3.** Fa - No - Sy **4.** Alao - Tafa **5.** Ova - Lioka (miv) **6.** Anarana - N(fy) **7.** Rariny - Vao **8.** Inty **9.** Namboarina **10.** Am(ena) - Avia

Mitsangana

A Fafa - Arina **B.** Avalona - Ma (miv) **D.** No - Mirava (miv) **E.** Janoary - Bà **F.** Ako - Voina (miv) **G.** Ka - Taninay **H.** Saka - Tra **I.** Ny - Fo - VII **J.** Saina - Na **K.** Osy - Liona

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ireo fotodrafitrasa vita ao Ambatonjara kaominina Alasora Avaradrano.

Ireo mpivarotra ao amin'ny Esplanade Analakely teny amin'ny Filankevi-panjakana Anosy, omaly.

Ireo mpikambana ao amin'ny biraon'ny RMDM any Ambovombe Androy.

OFFRE D'EMPLOI (Tolotr'asa)

CHERCHE

CHAUFFEUR MOTO COMMERCIAL AYANT PERMIS A

CONTACT RAPIDE:
032 12 002 26 / 032 12 002 45 / 032 12 000 47

Confiez vos événements à des professionnels.

Orchestre Fy Mozika

Lumières, effets spéciaux, sonorisation

Afaka manome fahafahampo ho anao
ny orkesitra Fy Mozika
ho anao izay mikarakara lanonana.

Contact 0340427095